# ANDRO FIARAHA-MIVAVAKA SY FIFADIAN-KANINA TELOVOLANA FAHEFATRA 2022

## Mivavaka Araka Ny Hafatry Ny Anjely Telo

**TARI-DÀLANA HO AN'NY MPITARIKA**

**Tonga soa - Andao Hiaraka mivavaka**

Manasa anao izahay hiaraka amin'ny vahoakan'Andriamanitra maneran-tany amin'ny fankalazana ny Andro Fiaraha-mavaka isan-telovolana. Na manao ahoana na manao ahoana  ny halehiben'ny fihaikana atrehinao, dia lehibe lavitra noho izany ny Andriamanitsika!

Ao anatin'ny taona feno fahaverezan-javatra maro sy alahelo, dia manome fanantenana mihoatra noho izay eritreretintsika Izy:

> *"Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindram-po sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin'ny andro mahory." (Heb. 4:16 ).*

Ao anatin'ny tontolo feno zavatra tsy azo antoka dia mamaly toy izao ny teny fikasany:

> *"Antsoy Aho, dia hovaliako ianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao." (Jer. 33:3).*

Ary ho an'ny mpino izay manenina ny amin'ny lasa na matahotra ny amin'ny ho avy, dia manome fanasana mivelatra Izy manao hoe:

> *"Mankanesa atỳ Amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana" (Mat. 11:28).*

Tsy misy vavaka tsy voamarik'Ilay Raintsika be fitiavana any an-danitra, Izay miandry fatratra ny handrotsaka fitahiana rehefa mangataka ny olony. Miangavy anao mba hiaraka aminay hanangona ny mambran'ny fiangonana, ny namana sy nympifanolo-bodirindrina mba hitady ny fahendren'Andriamanitra ary hitaky ny teny fikasany tsy mety ritra!

**Ny Lohahevitra amin'ity Taona 2022 ity:**

***"Mivavaka Araka ny Hafatry ny Anjely Telo"***

Amin'ity taona ity ny tari-dàlana ho an'ny Andro Fiaraha-mivavaka isan-telovolana dia hifantoka amin'ny vavaka amin'ny alalan'ny hafatra ara-potoanan'ny anjely telo ao amin'ny Apokalypsy 14:6-12. Ny vavaka amin'ny alalan'ny Soratra Masina dia manome heviny ny vavaka ataontsika ary mamela an'Andriamanitra hiteny mivantana amin'ny alalan'ny Teniny.

Mety efa mahafantatra angamba ianao fa ny hafatry ny anjely telo dia mandrafitra ny ampahany manan-danja amin'ny maha-izy azy ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Mety efa hainao tsianjery ireo andininy ireo . Kanefa mahagaga fa mbola maro ny Advantista no tsy mahay manazava ny antony maha-zava-dehibe ireo hafatra ireo. Mifanaraka amin'ny inona amin'ny sary lehiben'ny famonjena ireo hafatry ny anjely telo ireo? Inona no ambarany momba ny fitiavan' Andriamanitra? Inona no fiantraikan'izy ireo eo amin'ny fiainako, ary amin'ny fomba ahoana no ahafahako mizara izany amin'izao tontolo izao?

Na dia tsy nokendrena ho fampianarana teolojika aza ny tari-dàlana momba ny Andro Fiaraha-mivavaka, dia manantena izahay fa hitarika anao kosa izany hivavaka an-kitsim-po sy amin'ny tanjona mazava ary hitady fahatakarana lalindalina kokoa ireo hafatr' Andriamanitra farany sy sarobidy ho an'izao tontolo izao.

**Asao Ny Olona Rehetra – Ny Tanora sy ny Antitra**

Mety mahatsikaritra fiovana ianao raha ampitahaina tamin'ny taona lasa: ireto hetsika ireto dia natao indrindra ho an'ny vondrona mifangaro. Tianay ny hanentana ny olona rehetra mba hiara-mivavaka: ny ankizy sy ny ray aman-dreny, ny zatovo sy ny efa misotro ronono, ny mpitovo ary ny efa manam-bady, ny kristiana nandritra ny androm-piainany ary ireo liana te-hahafanta-javatra. Miangavy anareo mba hampifanaraka ireto fitaovana ireto amin'ny vondrona misy anareo .

Maro amin'ireo hetsika amin'ny vavaka hatao no manan-danja kokoa raha manatrika eo ny ankizy sy ny tanora. Aza hadino ny manasa azy ireo mba hizara ny hafaliany sy ny talentany mandritra ny Andro Fiaraha-mivavaka ataonareo.

## Soso-kevitra Ho an’ny Mpitarika ny Andro Fiaraha-mivavaka

- Ny Sabata voalohany amin'ny telovolana dia atokana ho Andro Fiaraha-mivavaka. Ireo fitaovana ireo koa dia azo ampiasaina amin'ny hetsika hafa momba ny vavaka na vondrona tanora aza.

- Ireo hetsika amin’ny Andro Fiaraha-mivavaka amin'ity taona ity dia natao ho an'ny vondron-taona samihafa miara-mivavaka. Aoka ho vonona hanasa olona maro amin’ny sokajin-taona samihafa. Iangavio ny ankizy, ny tanora, ny raibe sy renibe, ny olon-dehibe tokan-tena ary ny hafa koa hanampy amin’ny fitarihana ny hetsika.

- Raha tianao dia atombohy amin'ny hira ataon’ny vondrona mpihira na hira hafa manan-danja amin’ny fiangonanao sy ny kolontsaina misy anao ny fotoam-bavaka. Satria ny Andro Fiaraha-mivavaka amin'ity taona ity dia natao ho an'ny sokajin-taona maro, dia diniho ny hampiditra hira ankafizin'ny isan-tsokajiny rehetra. Iangavio ny tanora na ny fianakaviana mba hanampy amin’ny fisafidianana sy fitarihana ny hira sy ny feon-java-maneno.

- Ampirisiho ny mpandray anjara hanao vavaka fohy mba hazahoan'ny rehetra mandray anjara.

- Ity tari-dàlana momba ny Andro Fiaraha-mivavaka ity dia misy soso-kevitra momba ny hetsika atao ao anatin’ny fotoana dimy:

  **Fotoana 1:**

  Fotoam-pivavahana zoma maraina any amin'ny sekolin'ny fiangonana na fivorian'ny tanora na hetsika hafa

  **Fotoana 2**:

  Fotoam-pivavahan’ny fianakaviana ny zoma hariva.
  (Ny fianakaviana dia tonga araka ny endriny sy ny isan’ny olona ao aminy. Raha olon-tokana ianao dia hevero ny hanasa namana na mpifanolo-bodirindrina ho ao an-tranonao, na ivelan’ny trano)

  **Fotoana 3**:

Fitokanana am-bavaka ataon’ny tena manokana amin'ny Sabata maraina
(Ataovy ho fotoana manokana miaraka amin'i Jesosy izany. Raha manana zanaka kely ianao dia ataovy ho fifaliana ny manao ireo hetsika ireo miaraka aminy)

**Fotoana 4**:

Fanompoam-pivavahana Sabata maraina any am-piangonana.

**Fotoana 5**:

Fotoam-bavaka Sabata tolakandro any am-piangonana na toerana hafa.

**Safidy Hafa:**

Azonao atao ny manitatra ny fotoam-bavaka ho an'ny olon-dehibe sy ny zatovo aorian'ny Fotoana faha-5 amin'ny Sabata tolakandro. Jereo ny Toro-làlana ho an'ny Vavaka Iombonana mba hahazoana soso-kevitra.

**Lisitry Ny Fandrindrana Fototra**

• Miresaha mialoha amin'ny pasitora sy ny komitim-piangonana ary ampidiro ao amin'ny programan’ny fiangonana amin'ny Sabata voalohany amin'ny telovolana ny Andro Fiaraha-mivavaka

• Manomboka herinandro maromaro mialoha, ambarao ao am-piangonana sy amin’ny filazan-draharahan’ny fiangonana ny hetsika momba nyAndro Fiaraha-mivavaka
Ampahafantaro ny olona fa ny hetsika amin’ity taona ity dia natao indrindra ho an'ny sokajin-taona samihafa.

• Ampirisiho ny mambran'ny fiangonana mba hanasa ny namana mpiara-monina hanatrika ny hetsika Andro Fiaraha-mivavaka. Ny hafam-pitiavana ara-potoana avy amin'Andriamanitra dia natao ho an'ny rehetra!

• Ataovy dika vita printy ny Taratasy ho an’ny fiangonana ary zarao herinandro maromaro mialoha. Azo atao koa ny mizara ny toromarika mandritra ny Andro Fiaraha-mivavaka ho an’izay mbola tsy nahazo izany.

• Atao dika vita printy ny takelaka momba ny hetsika ho an'ny Fotoana 1, Fotoana 4, ary Fotoana 5. Manendre mpitarika ho an’ny fivoriana tsirairay.

• Ataovy dika vita printy ny taratasy momba ny hetsika ho an'ny Fotoana 2 sy Fotoana 3 ary zarao ho an'ireo mpandray anjara amin'ny Andro Fiaraha-mivavaka, herinandro iray na roa mialoha. Ampiasao ny fametahana afisin’ny fiangonana na ny fotoana filazan-draharaha mba hanazavana fohifohy ny Fanompoam-pivavahana Zoma hariva (Fotoana 2) sy ny Fitokanana am-bavaka ataon’ny tena manokana ny Sabata maraina (Fotoana 3). Ampirisiho ny mambran’ny fiangonana amin'ny sokajin-taona rehetra mba handray anjara. Mandefasa fampahatsiahivana elektronika raha azo atao.

• Ataovy dika vita printy ny Toro-làlana momba ny Vavaka Iombonana ary manendre mpitarika iray raha mikasa ny hanitatra bebe kokoa ny vavaka iombonana ianao aorian'ny hetsika atao'ny vondrona ny Sabata tolakandro.

• Ny mpitarika ny fivoriana dia tokony hamaky manontolo ny taratasy fanaovana ny hetsika, hanangona izay fitaovana ilaina, hitady mpiara-miasa an-tsitrapo fanampiny na mpitarika momba ny hira sy mozika raha ilaina, ary hivavaka ho an’ny fitarihan’ny  ny Fanahy Masina.

• Manaova dika vita printy an’ireo fitaovana hafa momba ny Andro Fiaraha-mivavaka raha ilaina:

- Fiarahabana Tongasoa ary Soso-kevitra momba ny drafitra (ho an'ny mpitarika)

- Teny Fikasana Momba ny Vavaka (Taratasy ho an'ny mpandray anjara)

**Tahirin-kevitra Fanampiny**

- Tranon-kalan’ny *Revival and Reformation*. Jereo ao amin’ny faritra Vavaka raha mila hevitra tsara indrindra avy amin’ny ministeran’ny vavaka. Ho hitanao ao ny Tahirin-kevitra rehetra momba ny Andro Fiaraha-mivavaka Taona 2022 sy ny taona teo aloha : https://www.revivalandreformation.org/resources/all/prayer-and-fasting-days

- *Praying for Rain* (Mivavaka ho an'ny Ranonorana). Io boky kely io dia azo alaina amin'ny aterneto, feno teny notsongaina sy tari-dàlana momba ny fitarihana vavaka iombonana : https://www.revivalandreformation.org/resources/all/praying-for-rain

- *Experiencing God Through Prayer and Praise (Manao Fanandramana Miaraka amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Vavaka sy Fiderana)* . Io boky io , izay azo alaina amin'ny aterneto, dia ahitana tahirin-kevitra mahagaga for an'ny vavaka ataon'ny tena manokana sy miaraka amin'ny vondrona.  Ataovy printy ny loha-hevitra ilainao manokana na ny boky manontolo: . https://www.revivalandreformation.org/prayer/experiencinggod

- *"ThreeAngels.info"*. Raha te-handalina bebe kokoa momba ny hafam-pitiavan'ny andro farany avy amin'Andriamanitra ianao, dia efa namorona ity sita manokana ity ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, miaraka amin'ny video, boky sy zavatra maro hafa koa: https://www.threeangels.info

## **Asaina Ianao**: **Miaraha Aminay amin'ny *Andro Fiaraha-mivavaka Isan-telovolana* amin'ny 2022 !**

Asaina ianao hiaraka amin'ireo mpino maneran-tany amin'ny andro manokana Fiaraha-mivavaka isaky ny Sabata voalohany amin'ny telovolana
.

• Amin'ity taona ity isika dia mivavaka amin'ny alalan'ny hafatra ara-potoan'ny anjely telo ao amin'ny Apokalypsy 14.

• Raha efa mankalaza ny Andro Fiaraha-mivavaka isan-telo volana ny fiangonanao, dia miomàna hanatrika izany sy asao ny namanao. Raha tsy izany, dia miresaha amin'ny pasitora na ny komitim-piangonana momba ny fandraisana anjara amin'ny Andro Fiaraha-mivavaka amin'ity taona ity. Azo atao ihany koa ny mandray anjara isam-pianakaviana, ao anatin'ny vondrona kely, na ianao samirery.

• Jereo ny fitaovana momba ny Andro Fiaraha-mivavaka ary tahirin-kevitra hafa ao amin'ny tranokalan'ny Fifohazana sy ny Fanavaozana ao amin'ny tabilao ambany: https://www.revivalandreformation.org

• Ireo hetsika momba ny vavaka dia natao indrindra ho an'ny vondrona maro samihafa. Tianay ny hampirisika ny olon-drehetra hiara-mivavaka: zanaka sy ray aman-dreny, zatovo sy misotro ronono, mpitovo sy mpivady, kristiana nandritra ny androm-piainany sy olona liana mpikatsaka zava-baovao fotsiny. Raha toa tsy mbola nanatrika fotoam-bavaka toy izany ianao teo aloha dia izao no fotoana mety ho anao !

Na manao ahoana na manao ahoana ny halehiben'ny fihaikana atrehinao, dia lehibe lavitra noho izany ny Andriamanitsika! Ao anatin'ny taona feno fahaverezan-javatra maro sy alahelo, dia manome fanantenana mihoatra noho izay eritreretintsika Izy: *"Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindram-po sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin'ny andro mahory." ( Heb. 4:16 ).* Andao hiara-hivavaka amin'ity taona ity

## Nahoana No Mivavaka Araka Ny Hafatry Ny Anjely Telo?

Mety efa hainao tsianjery ny hafatry ny anjely telo ao amin’ny Apokalypsy 14: 6-12. Ireo no hafam-pitiavana farany avy amin’Andriamanitra ho an’izao tontolo izao, kanefa mahagaga fa mbola maro ny Advantista no tsy mahay manazava ny antony maha-zava-dehibe ireo hafatra ireo.

- Mifanaraka amin’ny inona amin'ny sary lehiben’ny famonjena ireo hafatry ny anjely telo ireo?
- Inona no ambarany momba ny fitiavan’Andriamanitra?
- Inona no fiantraikan'izy ireo eo amin'ny fiainako, ary amin’ny fomba ahoana no ahafahako mizara izany amin'izao tontolo izao?

Ny mivavaka araka ny Soratra Masina dia manome heviny ny vavaka ataontsika ary mamela an’Andriamanitra hiteny mivantana amin’ny alalan’ny Teniny. Manantena izahay fa ny Andro Fiaraha-mivavaka isan-telovolana amin’ny taona 2022 dia hitarika anao hivavaka an-kitsim-po sy amin’ny tanjona mazava ary hanome tsirin-kevitra anao handalina bebe kokoa ireo hafatra ara-paminaniana.

## Koa Inona Àry No Tena Ambaran’Ireo Hafatra Ireo?

Voalohany, vakio ny Apokalypsy 14:6-12 amin’ny dikan-tenin’ny Baiboly mafy orina. Mety ho sahiran-tsaina ianao amin'ny voalohany satria misy sosona maro ny hevitra miafina ao ambany. Ahoana ny fomba hamakiana ny *code* na teny miafina? Atombohy amin’ny fandalinana ombam-bavaka mafana ny Baiboly manontolo satria mirakitra izany dia mirakitra ny zavatra rehetra ilainao mba hahatakaranao ny bokin’ny Apokalypsy. Iangavio ny pasitoranao hanao seminera momba ny Apokalypsy na hanolotra fitaovana hanaovana fianarana tsara izay mamela ny Baiboly hanazava ny tenany.

Ity misy famintinana tena tsotsotra hanampy anao hanomboka izany:

**Anjely 1**:

Miankohofa amin’i Jesosy amin’ny maha-Mpamonjy sy Mpamorona antsika Azy amin’izao androm-pitsarana izao.

**Anjely 2**:

Manaraha an'i Jesosy amin'ny alalan'ny Teniny ary aza mety ho fitahina.

**Anjely 3**:

Manana safidy ianao: hanaraka an'i Kristy na Satana. Manàna finoana an'i Kristy FAHAMARINANAO.

## Mivavaka Araka Ny Hafatry Ny Anjely Fahatelo:

## Fivoriana 1

**Fotoana** : Fotoam-pivavahana Zoma maraina any amin'ny sekolim-piangonana na fivorian'ny tanora na hetsika hafa

**Lohahevitra** : Faharetana

**Mifandray**

- Iangavio ny rehetra hitsangana manao faribolana.

- Mangataha mpiasa an - tsitrapo maromaro mba hanao zavatra fohy eo amin'ny fiainana, mba hitsapana ny faharetany. Angataho ilay vondrona mba hamantatra ny zavatra atao. Ohatra: *Miadana be ny fahatongavan'ny sakafo nataonao « commande » tao amin'ny trano fisakafoanana*.

- Anontanio hoe: Nahoana isika no tsy manam-paharetana intsony? (Indraindray isika dia tsy manam-paharetana satria nialantsika ny fahatokiana fa mikarakara antsika sy ireo olantsika Jesosy.)

- Ao amin ny Apokalypsy 14:12, Andriamanitra dia mamariparitra ny vahoakany izay miaina amin ny andro farany mialoha ny hiverenan'i Jesosy. Andeha hojerentsika hoe iza no atao hoe vahoakany ary andeha isika hivavaka mba ho antsika ny fanandraman'izy ireo!

**Mivavaka**

- Mivavaka amin'Andriamanitra mba handefa ilay Mpanampy - ny Fanahy Masina - mba hampianatra antsika ny Tenin'Andriamanitra.

.

**Mamantatra**

- Vakio miaraka ny Apokalypsy 14:12.

- Anontanio hoe: Hifantoka amin'ilay toetra tsara voalohany mamaritra ny vahoakan'Andriamanitra isika. Inona izany? ("faharetana" na « fiaretana »)

- Anontanio hoe: Manam-paharetana ve Andriamanitra? Vakio miaraka ny 2 Petera 3:9 sy ny 1 Timoty 1:16.

• Karazana faharetana manao ahoana ny nananan'i Jesosy? (faharetana tonga lafatra)

**Mivavaka**

• Mivavaka ao anatin'ny vondrona misy olona telo na efatra

• Misaotra an'Andriamanitra noho ny fomba iray manokana nanehoany faharetana taminao. .

**Mihira**

Manao hira iray momba ny fahatsaran'Andriamanitra.

**Mampihatra**

• Omeo taratasy ny olona tsirairay. Asao ny rehetra hanao ny sarin'ny toe-javatra iray amin'izao fotoana izao izay ilàny ny faharetan' Andriamanitra mba hanampiana azy.

Ohatra: *Mila fanampiana amin'ny zavatra iray ny zandrinao vavy.*

**Mivavaka**

• Mangataka amin'Andriamanitra mba hitahy antsika rehetra amin'ny alalan'ny faharetany tsy manam-paharoa

## Mivavaka Araka Ny Hafatry Ny Anjely Fahatelo:

## Fivoriana 2

**Fotoana** : Fotoam-pivavahan'ny Fianakaviana amin'ny zoma hariva na fotoam-pivavahana miaraka amin'ny namany ao an-trano na any ivelany

**Lohahevitra** : Manome faharetana antsika Andriamanitra

**Mifandray :**

• Miara-mipetraka amin'ny fianakavianao na vondrona iray. Iangavio ny olona tsirairay mba hamariparitra ny voankazo tiany indrindra kanefa tsy milaza ny anaran'izany. Angataho ny hafa mba hamantatra ilay voankazo. Rehefa fantatr'izy ireo tsara izany dia iangavio ilay olona mba hilaza ny antony itiavany indrindra ilay voankazo

• Hazavao: Milaza Andriamanitra fa manana voa avokoa isika rehetra eo amin'ny fiainantsika - karazana voankazo manokana.

• Andeha hojerentsika hoe inona io voankazo io, ary hivavaka isika mba ho ao am - pontsika isan'andro izany.

**Mivavaka**

Mivavaka mba handefasan'Andriamanitra ny Fanahy Masina hampianatra antsika momba ny voa izay maharitra.

**Mamantatra**

• Vakio miaraka ny Apokalypsy 14:12.

• Anontanio : Inona no zavatra voalohany lazain'Andriamanitra fa ananan'ny vahoakany amin'ny andro farany ao amin'io andininy io? ("faharetana" na "fiaretana maharitra" , miankina amin'ny dikan-tenin'ny Baibolinao) .

• Anontanio : Ahoana no fomba hananantsika faharetana bebe kokoa? Mila miezaka mafy kokoa ve isika? Mila mifantoka bebe kokoa amin'ny fampiroboroboana faharetana ve isika?

• Vakio miaraka ny Galatiana 5:22, 23.

• Anontanio : Inona no ambolena na ampitomboin'ny Fanahy Masina eo amin'ny vahoakan'Andriamanitra? JMariho fa ny "faharetana" (na "fahari-po" na "fileferana") dia iray amin'ireo vokatry ny Fanahy Masina.

• Raha azo atao dia manomàna harona misy voankazo sivy ary asio ny anaran'ny vokatry ny Fanahy ny tsirairay (soraty eo amin'ny taratasy kely ny vokatry ny Fanahy toy ny hoe "fitiavana" ary apetaho amin'ny *scotch* ). Raha tsy izany dia miaraha miasa mba hanao sarin'ny harona amin'ny taratasy ary asio ny "vokatry" ny Fanahy eo amin'ny sarinao.

• Anontanio : Ahoana no fomba hananantsika faharetana? Vakio miaraka ny Lioka 11:13. (Mangataha ny Fanahy Masina. Afaka mampitombo ny faharetana ao anatintsika Izy.)

**Mampihatra**

• Iangavio ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviako mba hamaly hoe: Inona eo amin'ny fiainako no ilako ny faharetan'Andriamanitra izao ankehitriny izao? .

**Mihira**

Manao ny hira hoe "Mahay ny zavatra rehetra Izy", na hira iray hafa mikasika ny herin'Andriamanitra hanampiana anao

**Mivavaka**

• Ao amin'ny hafatry ny anjely fahatelo dia milaza Andriamanitra fa manam - paharetana ny vahoakany.

• Miaraka mivavaka mba hanomezan'ny Fanahy Masina antsika tsirairay ny faharetany.

## Mivavaka Araka Ny Hafatry Ny Anjely Fahatelo:

## Fivoriana 3

**Fotoana** : Fitokanana am-bavaka ataon'ny tena manokana na ny fianakaviana amin'ny Sabata maraina

**Loha-hevitra**: Mitandrina ny didin'Andriamanitra ny vahoakany

**Mifandray :**

Anontanio: Inona no lafin-toetra tsara ananan'ny rainao na ny reninao? (Mety ho toetra nolovana izy ireo na, indrindra raha toa ka misy fianakaviana nanangana zanaka na nitaiza, mety ho fahaiza-manao na toetra nianaranao izy ireo.) Ohatra: f*ahasalamana tsara, fahaiza-manao ara-javakanto, fahaiza-manao ara-mozika, toetra tia namana, sns*. Raha miara - mivavaka amin'ny fianakavianao ianao, dia resaho miaraka ny valin - teninareo.

• Matetika ny olona no mahafantatra hoe zanak'iza isika, noho ny toetra nampitain'ny ray aman - drenintsika tamintsika.

• Andeha hojerentsika ny toetran'ny vahoakan'Andriamanitra, rehefa tapitra ny fotoana.

**Mivavaka**

• Mivavaka mba handefasan'Andriamantra ny Fanahy Masina hampianatra ny Teniny.

**Mamantatra**

• Vakio miaraka ny Apokalypsy 14:12.

• Inona no toetra faharoa mampiavaka ny vahoakan'Andriamanitra? (Mitandrina ny didin'Andriamanitra izy ireo. Tafiditra ao anatin'izany ny Sabata andro fahafito.)

• Vakio: "Ny toetra manokana hita eo amin'ny bibi-dia, ary hita eo amin'ny sariny noho izany , dia ny fandikana ny didin'Andriamanitra" (Ellen G. White, HM, p. 460).

• Ny vahoakan'Andriamanitra dia ireo izay mitandrina ny didiny, raha toa kosa ka tsy miraharaha ny didin'Andriamanitra kosa ireo izay manaraka ilay bibidia.

• Vakio: *"Ny Sabata no ho fisedraana lehibe momba ny fahatokiana, satria io no fahamarinana isehoan'ny fifanolanana amin'ny fomba manokana" (Ellen G. White, HM, p. 631*).

• Vakio ny Filipiana 4:13. Inona no tsiambaratelon'ny fomba ahafahantsika manao ny zavatra rehetra izay nangatahin'Andriamanitra tamintsika? (AMIN'NY ALALAN'I KRISTY sy AMIN'NY ALALAN'NY HERINY izany.)

• Jesosy Kristy, ilay Mpanoratra ny didy, dia nitandrina ny didy ihany koa nandritra ny fiainany teto an-tany. Ny fahasoavany sy ny heriny dia Loharanon'ny fankatoavana amim-pahatokiana ho an'ny vahoakan' Andriamanitra:

- Genesisy 39:7-13 Nandà ny vadin'i Potifara i Josefa
- Rota 1:15-19 Nandao ireo andriamanitry sampy i Rota mba hanaraka ilay Andriamanitra marina
- 1 Mpanjaka 19:19-21 Nanaraka an'i Elia i Elisa
- Lioka 1:31-38 Nanolo-tena hitondra ny Mesia i Maria

**Mivavaka**

• Manaova vavaka fisaorana noho ny fomba anomezan'Andriamanitra hery hatrany ny vahoakany hankatò Azy.

• Derao Andriamanitra ny amin'ny zavatra ambaran' ireo tantara ireo momba ny toetra mahatokin'Andriamanitra.

• Miaike ny ilanao manokana an'i Jesosy Kristy mba ho tonga Hery ho anao hahazoanao mankatò.

• Angataho Andriamanitra mba hanatanteraka ny Filipiana 1:6 ao anatinao.

**Mampihatra**

• Misy zavatra ve eo amin'ny fiainanao ankehitriny izay mifanohitra amin'ny didin'Andriamanitra? Misafidiana ny hitolo-batana tanteraka amin'i Kristy sy hatoky ny heriny.

## Mivavaka Araka Ny Hafatry Ny Anjely Fahatelo:

## Fivoriana 4

**Fotoana** : Fotoam- pivavahana amin'ny Sabata maraina

**Lohahevitra** : Mihazona ny finoana an'i Jesosy

**Sosokevitra momba ny fandrindrana**:

Aoka harindra ny fotoam-pivavahana miaraka amin'ny pasitora na ny loholona. Ampidiro ao ireo zavatra manan-danja araka ny fanompoam-pivavahanna mahazatra anao, toy ny fiarahabana sy ny fanatitra. Mariho fa anisan'izany ny vakiteny fototra sy ny hira ary ny asa maro samihafa. Mivavaha mba hahatonga ilay fandaharana ho miavaka sy hampiditra ny sokajin - taona rehetra amin'ny fivavahana. Tsarovy ihany koa ny manasa ny olona rehetra hanatrika ny fandaharam-potoan'ny vavaka atao ny tolakandro, ary ampirisiho ny mambra mba hitondra namana.

Alohan'ny Andro Fiaraha-mivavaka, dia manangona taratasy sy penina/pensilihazo ho an'ny asa mifandraika voatanisa etsy ambany. Ataovy ihany koa ny fandaminana mba hahatonga ny tanora na ny mambra hafa hanampy amin'ny alalan'ny famakiana mafy ireo andinin-tSoratra Masina.

Ity fanompoam-pivavahana ity dia azon'ny mpiandraikitra iray "tarihina", ka amin'izany dia mijanona eny aloha izy mba hametraka ireo fanontaniana fifanakalozan-kevitra, hanazava fohifohy andinin-tSoratra Masina, hanome torolalana, ary hanonona hira. Ireo manolo-tena hiasa an-tsitrapo dia afaka hipetraka eo amin'ny laharana voalohany na eo akaikin'ilay mpitarika mba hahafahan'izy ireo mamaky andinin-tSoratra Masina, na mitarika hira, na manampy amin'ny fomba hafa.

**Mihira**

• Manao hira maromaro izay mifantoka amin'ny fiderana. Misafidiana hira iray ho an'ny ankizy, iray ho an'ny tanora, ary iray ho an'ny olon-dehibe.

**Mivavaka**

• Miangavia ankizy iray sy ny tanora iray ary olon - dehibe iray hanao vavaka fohy, mba hangataka an'Andriamanitra hitahy ny fanompoam-pivavahanareo amin'ny alalan'ny fanatrehan'ny Fanahy Masina

**Mifandray**

- Jereo ny lisitr'ireo anarana malaza etsy ambany. Soraty eo amin'ny taratasy lehibe ireo anarana ireo. (Aza misalasala manova ny anarana sasany raha toa ka tsy mahazatra any amin'ny faritra misy anao izy ireo.)

- Iangavio ny fiangonana mba hanao vondrona misy olona telo na efatra. Aoka hisy mpilatsaka an-tsitrapo hanolo-tena hiara-hiasa amin'izay rehetra mipetraka irery.

- Aoka hisy tanora hihazona tsirairay tsirairay ireo anarana ireo mba hovakin'ny fiangonana.

- Rehefa aseho ny taratasy tsirairay, dia vakio ilay anarana malaza, ary manomeza famaritana fohy momba ilay olona araka ny voatanisa etsy ambany.

- Iangavio ny vondron'olona telo na efatra mba hifanakalo hevitra hoe: Mitadiava toetra iray ananan'io olo-malaza io, izay tianao hananana mba ho an'ny tenanao. Ohatra: *Maniry aho mba ho olona tsy manan-tahotra tahaka an'i Sojourner Truth*.

    - Sojourner Truth : andevo fahiny ary tompon-daka amin'ny fikatsahana fahafahana sy ny zon'ny vehivavy
    - Albert Einstein : iray amin'ireo mpahay fizika lehibe maneran-tany
    - Florence Nightingale : mpanorina ny trano fitaizana ny be antitra amin'ny andro moderina
    - Hicham El Guerrouj : tompon-daka maneran-tany amin'ny hazakazaka (tamin'ny taona 2021)
    - Frank Westphal : misionera advantista voalohany tany Brezila
    - Mpanjaka Solomona : mpanjakan'Isiraely

- Hazavao: Mety ho lasa malaza ny olona noho ny harena, ny fahefana, ny toetra, ny fahaizana, ny hatsaran-tarehy, na ny fanompoana ny mpiara-belona.

- Anontanio : Rehefa mandre ny anaran'i "Jesosy" ianao dia inona avy ireo toetra tonga ao an-tsainao?

- Hazavao: Anio isika dia hahita toetra iray izay hita ao amin'i Jesosy sy ao amin'ny vahoakany amin'ny andro farany.

**Mamantatra**

- Vakio mafy: Apokalypsy 14:12.

Anontanio: Inona no toetra farany ananan'ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny andro farany izay voalaza ao amin'io andininy io?  (Manana ny "finoan'i Jesosy" ny vahoakan'Andriamanitra  amin'ny andro farany)

• Anontanio: Inona no fantatsika avy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra momba ny « finoan'i Jesosy »?

Vakio mafy: Marka 4:35-41.

(Nanana finoana lehibe ny amin'ny fiahian'ny Raintsika i Jesosy ka afaka natory tamim-pilaminana tao anatin'ny sambo iray sendra tafio-drivotra)

• Miaraka mihira: "Onja vaventy, onja mahery" na hira iray hafa momba ny fiahian'Andriamanitra.

• Mivavaka ao anatin'ny vondrona misy  olona telo na efatra: manaova vavaka fisaorana noho ny nananan'i Jesosy finoana tanteraka an' Andriamanitra Raintsika, ary noho ny tsy  ananantsika ahiahy ao anatin'ny tafio - drivotra rehetra.

• Miaraka mihira ny: "He ! matoky aho Tompo » na hira iray hafa mikasika ny tsy fiovan'Andriamanitra.

• Vakio mafy : Marka 5:1-8.

Hazavao: Tena nino an'ilay Raintsika any an - danitra i Jesosy, ka tsy natahotra ny hiatrika olona nanana demonia izay  tsy nisy olon - kafa afaka nandresy azy.

• Mivavaha amin'ny olona telo na efatra. Derao Andriamanitra noho ireo asa manokana nataony mikasika ny toetrany tsy miova .

Hazavao: Mety ho alaim-panahy isika hieritreritra hoe: "Tsy Jesosy aho, koa amin'ny fomba ahoana no ahafahako manana ny karazan'ny finoany? Amin'ny fomba ahoana no ahafahako matory amim-pilaminana eto amin'ity izao tontolo izao feno tafio-drivotra ity? Amin'ny fomba ahoana no ahafahako miatrika izay rehetra mety ho entin'i Satana hamelezana ahy: aretina, fahaverezan'asa, na fahaverezan'ny havan-tiana? Amin'ny fomba ahoana no ahafahako manana finoana hatoky an'Andriamanitra sy tsy hilavo lefona?"

• Mivavaka ao anatin'ny vondrona misy olona telo na efatra: Miaiky ny ilantsika an'i Kristy sy ny tsy finoantsika teo aloha.

• Miaraka mihira ny : "O ! ny tànanao Jeso tia" na hira iray hafa maneho fa Kristy no hany ilaintsika.

• Miaraka mamaky ao anatin'ny vondrona misy olona telo na efatra ny Kolosiana 1:27. Mitadiava andian-teny misy teny telo ao amin'io andininy io izay milaza amintsika ny tsiambaratelon'ny fananana ny "finoan'i Jesosy."

• Anontanio: Inona no tsiambaratelo? "Kristy AO ANATInareo" ! Milaza ny Baiboly fa "Kristy AO ANATInareo" no "fanantenan'ny voninahitra"!

• Vakio mafy: "Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna. Raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-hisakafo aminy, ary izy Amiko" (Apok. 3:20).

• Mivavaha ao anatin'ny vondrona misy olona telo na efatra: Raha nandray an'i Kristy ho Mpamonjy ianao dia misaora Izy satria miaina ao am-ponao amin'ny alalan'ny finoana Izy. Raha mbola tsy nanaiky Azy ianao teo aloha dia asao Izy hiditra ao am-ponao ankehitriny.

• Miaraka mihira ny andininy voalohany sy faharoa amin'ny "Jeso o ! avia" na hira iray hafa fanoloran-tena.

**Mampihatra**

• Omeo taratasy sy pensilihazo/stylo ny tsirairay. Iangavio ny rehetra mba hanao sarin'izy ireo tsotsotra. Asio ny fanampin'anaranao ilay sary ary asio sary fo lehibe eo amin'ny toerana tokony hisy ny fo. Soraty ao anatin'izany fo izany ny anarana hoe "Jesosy".

• Hazavao: indraindray dia hadinontsika hoe aiza i Jesosy no mitoetra. Mitoetra ao am-ponao i Jesosy. Miditra ao Izy ary manome anao ny finoany sy ny fahamarinany!

• Asio fotoana hanehoana ireo sary eo anoloan'ny fiangonana na eo am-baravaran' ny fiangonana ireo sary mba ho hitan'ny rehetra.

**Mihira**

Manao ny andniny fahatelo sy fahefatra amin'ny "Jeso o ! avia" na hira iray hafa.

**Mivavaka**

• Misaotra an'Andriamanitra noho ny amin' i Jesosy, ilay Mahatoky izay mitoetra ao am - pontsika sy manome antsika ny finoany.

## Mivavaka Araka Ny Hafatry Ny Anjely Fahatelo:

## Fivoriana 5

**Fotoana** : Programa Fiaraha-mivavaka amin'ny Sabata tolakandro

**Loha-hevitra** : Feno sy tanteraka ao amin'i Jesosy

**Mihira** : Manao hira momba an'i Jesosy : iray ho an'ny ankizy, ary iray ho an'ny lehibe

**Mivavaka** : Mangataka amin'Andriamanitra mba handrotsaka ny Fanahy Masina amin-kery ao am-pon'ny olony

**Mifandray**

• Iangavio ny rehetra mba hanangana vondrona misy olona telo na efatra. Zarao amin'ny vondrona misy anao ny fotoana iray teo amin'ny fiainanao izay toa tsy nahafeno ny zavatra iray - fotoana iray izay tsy naha-ampy na nahabanga ny zavatra iray. Ohatra: *Nanomboka nanao mofomamy ianao saingy tsy ampy na tsy nisy ny taharo lehibe iray*.

• Hazavao: Indraindray dia misy zava-dehibe tsy ampy, rehefa manao mofomamy na manamboatra fiara isika. Amin'ny fotoana hafa dia mety hahatsapa isika fa *tsy ampy ny tenantsika*.

• Ny hafatr'ireo anjely telo dia miantso antsika hivavaka sy handray ny fahamarinan'i Kristy. FENO sy TANTERAKA isika ao Aminy.

**Mivavaka**

• Mivavaka mba hambolen'ny Fanahy Masina ny hafatra fototra entin'ireo anjely telo ao amin'ny fo tsirairay avy. Feno sy tanteraka isika ao Aminy!

**Mamantatra**

(Aoka hisy olona roa mitarika ity fizarana ity: ny iray hamaky ireo andinin-tSoratra Masina ary ny iray hamintina.)

• Mpitarika 1: Amin'ity tolakandro ity isika dia hivavaka araka ireo hafatry ny anjely telo tsirairay ary hamintina ireo teboka misongadina. Inona no ambaran'ny hafatra tsirairay amintsika momba ny fahamarinan'i Jesosy?

### Ny Hafatry ny Anjely Voalohany

• Mpitarika 2: Andeha hatomboka amin'ny hafatry ny anjely voalohany ao amin'ny Apokalypsy 14:6, 7. (Vakio ny andinin-tSoratra Masina.)

• Mpitarika 1: Inona avy ny teboka ara-panahy mampiavaka an'ity hafatra voalohany ity? (Mandraisa sosokevitra maromaro ary avy eo dia fintino ho an'ilay vondrona.)

> ° Ny filazantsara mandrakizay dia ny famonjena ao amin'i Kristy Jesosy amin'ny alalan'ny fahasoavan'ny Raintsika.
>
> ° Ny fahamarinantsika dia Kristy, Izay mijoro ho antsika amin' izao fotoam-pitsarana izao.
>
> ° Jesosy, Ilay Mpahary antsika, no ifantohan'ny fanompoantsika

• Mivavaka ao anatin'ny vondrona telo na efatra: Misaotra an' Andriamanitra noho ny famonjena sy ny fahamarinana hitantsika ao amin'i Kristy.

• Miaraka mihira ny: "Jesosy no asandratro" na hira fiderana hafa ny famonjena.

### Ny Hafatry ny Anjely Faharoa

• Mpitarika 2: Manaraka izany isika dia hamaky ny hafatry ny anjely faharoa ao amin'ny Apokalypsy 14:8. (Vakio ny andinin-tSoratra Masina.)

• Mpitarika 1: Inona no hafatra fototra entin'io anjely io? (Mandraisa sosokevitra maromaro ary avy eo dia fintino.)

> ° Tsy misy fisarahana ao amin' Andriamanitra: iray ihany ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.
>
> ° Tsy ho ela dia ho rava ny fivavahana sandoka, fa i Jesosy Ilay Fahamarinantsika kosa dia haharitra mandrakizay!

• Mivavaha ao anatin'ny vondrona misy olona telo na efatra: Midera an' Andriamanitra fa velona Izy ary tsy miova. Midera an'i Jesosy fa na dia ho rava aza ny zavatra hafa rehetra dia hijoro sy hitoetra mandrakizay kosa Izy!

• Miaraka mihira ny: "Voninahitra anie" na hira iray hafa mikasika ny fahalehibeazan'Andriamanitra.

### Ny Hafatry ny Anjely Fahatelo

- Mpitarika 2: Farany, andeha isika hamaky ny hafatry ny anjely fahatelo ao amin'ny Apokalypsy 14:9-12. (Vakio ny andinin-tSoratra Masina.)

- Mpitarika 1: Inona avy no mampiavaka an'io hafatra fahatelo io? (Mandraisa sosokevitra maromaro ary avy eo dia fintino.)

    - Jesosy dia mampitandrina an'izao tontolo izao momba ny fivavahan-diso satria miahy ny famonjena antsika Izy!

    - Jesosy, Tompon' ny Sabata, dia miantso antsika mba hitady ny fitsaharantsika ao amin' ny fahamarinany.

    - Jesosy dia manome ny vahoakany ny Sabata ho tombo-kaseny sy famantarana Azy eo amintsika.

    - Jesosy dia mitoetra ao anatintsika amin'ny alalan'ny finoana. Izy no fahafenoantsika sy fahamarinantsika.

- Asao ny rehetra mba hivavaka mangina. Miaiky izay zavatra rehetra misakana ka tsy mahatonga an'i Kristy ho Voalohany sy Farany ary ny Tsara Indrindra ao amin’ny fiainana.

- Miaraka mihira ny andininy voalohany amin'ny "Tsara indrindra" na hira fiderana hafa.

**Mampihatra**

- Antso : safidio ny ho velona ho an'i Kristy anio ary hanolo-tena ho Azy amin'ny maha-Mpamonjy sy Mpanjaka feno fahamarinana Azy ho anao. Rehefa mihira ny andininy anankiroa sisa amin’ny "Tsara indrindra" isika dia aoka ny mpivory handohalika ho fanomezam-boninahitra an'i Jesosy, ilay Mpanjakan'ny Mpanjaka.

- Miaraka mihira eo am-pandohalehana: ny andininy roa farany amin'ny "Tsara indrindra."

**Mivavaka**

- Manao vavaka fanokanan-tena, fanoloran-tena hanompo an'i Jesosy sy hanome voninahitra Azy Izay fahamarinantsika mandrakizay.

**Hetsika hafa azo isafidianana ho an'ny Ankizy sy ny Tanora**

- Miara-miasa mba hamboatra peta-drindrina telo, iray avy ho an'ireo hafatry ny anjely telo. Mampiasà sary mba hanehoana ny vaovao mahafaly

momba ny hafatra tsirairay. Iangavio ny tanora mba hanazava fohifohy ny peta-drindrina nataon'izy ireo (angamba mandritra ny fotoam-pivavahana amin'ny ho avy) ary hampiseho ireo peta-drindrina ireo eo amin'ny fidirana na ny lalantsara.

## Tari-dàlana momba ny Vavaka Iombonana

Anisan'ny tanjona amin'ny fotoam-bavaka isan-telovolana amin'ity taona ity ny fiantsoana taranaka vaovao hivavaka. Izany no antony nampifantohana ny hetsika ho amin'ny fampivondronana ny taona rehetra hitady an'Andriamanitra eo am-pitrandrahana ny fahamarinana azo ampiharina ao amin'ny hafatry ny anjely telo. Andeha ho toroina hevitra ny tanora, hampaherezo ny manirery, ary homena toky ireo mitady ny fahamarinana eo anivontsika. Asaina amin'izany avokoa ny rehetra!

Mampirisika ihany koa izahay mba hanokanana fotoana hanaovana fotoam-bavaka iombonana lalindalina kokoa, indrindra ho an'ny olon-dehibe sy ny tanora. Hevero ny hanampy sy hanitatra fotoam-bavaka ataon'ny vondrona aorian'ny hetsika iarahan'ny sokajin-taona samihafa ny Sabata tolakandro (Fotoana 5). Ny fotoana hafa mety hanaovana vavaka miitatra dia ny zoma hariva na ny Sabata maraina alohan'ny Sekoly Sabata.

### Drafitra Azo Atao Ho An'ny Fotoam-Bavaka Iombonana

**Hira**: Atombohy amin'ny hira fiderana. Aza misalasala mampifangaro hira mandritra ny fotoam-bavaka.

**Fisaorana sy Fiderana**: Misaora noho ny fitahiana manokana ary miderà an' Andriamanitra noho ny fahatsarany.

**Fiaiken-keloka:** Manokàna minitra vitsivitsy hanaovana fiaiken-keloka manokana ary misaora an'Andriamanitra noho ny famelany

**Fitarihana**: Mangataka an'Andriamanitra mba hanome fahendrena manoloana an'ireo fanamby sy fanapahan-kevitra ankehitriny.

**Ny Fiangonantsika**: Mangataka an'Andriamanitra mba hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eo an-toerana sy isam-paritra ary maneran-tany

.

**Fangatahana ho an'ny eo an-toerana**:

Mivavaka ho an'ny zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana sy ny fianakaviana ary ny mpiara-monina amin'izao fotoana izao.

**Mihaino ary Mamaly**: Manokàna fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra ary hamaliana amin'ny fiderana na hira.

**Mivavaka araka ny Soratra Masina**:

Ho fanampin'ny fitondranao eo amin'Andriamanitra ny fangatahana dia makà fotoana hivavahana araka ny tenin'ny Soratra Masina. Takio ny teny fikasan' Andriamanitra ary mamalia amin'ny fiderana sy fisaorana. Mety haniry hivavaka amin'ny alalan'ireo hafatry ny anjely telo ireo ny vondrona misy anao, mangataka amin' Andriamanitra ny fahatakarana sy fahendrena lalindalina kokoa amin'ny fizarana fahamarinana amin'izao tontolo izao. Ny safidy iray hafa koa dia ny fiarahana mivavaka araka ny Salamo fiderana.

**Safidy ho an'ny Sakafo** :

Ny fiangonana sasany dia mamarana ny Andro Fiaraha-mivavaka amin'ny sakafo hariva tsotra amin'ny fankalazana ny fitahian' Andriamanitra.

Raha mila tari-dàlana fanampiny momba ny fitarihana ny vavaka iombonana, dia alaivo ao amin'ny aterneto ilay bokikely *Praying for Raina (*Mivavaka ho an'ny Ranonorana) avy amin'ny tranokalan'ny *Revival and Reformation* : https://www.revivalandreformation.org/resources/all/praying

## Teny Fikasan'ny Baiboly Ho Takiana Ao Amin'ny Vavaka

### Teny Fikasana Momba ny Fanahy Masina

"Mangataha ranonorana amin'i Jehovaha ianareo amin'ny andro fara-orana. Dia amin'i Jehovah Izay manao ny helatra; ranonorana mivatravatra no homeny azy. Eny, samy homeny ny zava-maitso any an-tsaha ireny." Zak. 10:1

"Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy?" Lioka 11:13

"Fa ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin'ny anarako, Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo izay nolazaiko taminareo. . . . Ary raha tonga Izy, dia hampiaiky izao tontolo izao ny amin'ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana". Jaona 14:26; 16:8

"Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy, satria Izaho mankany amin'ny Ray. Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray amin'ny Zanaka. Raha mangataka zavatra amin'ny anarako ianareo, dia hataoko izany" Jaona 14:12-14

"Dia namaly izy ka nanao tamiko hoe: Izao no tenin'i Jehovah amin'i Zerobabela: 'Tsy amin-kery na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko, hoy Jehovah Tompon'ny maro." Zak. 4:6

### Teny Fikasana Fa Mamaly Vavaka Andriamanitra

"Raha miray Amiko ianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona fa ho tonga aminareo izany." Jaona 15:7

"Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindram-po sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin'izay andro mahory." Heb. 4:16

“Koa lazaiko aminareo, na inona na inona tononinareo amin’ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray ianareo, dia ho azonareo izany.” Marka 11:24

“Antsoy Aho amin’ny andro fahoriana, dia hamonjy anao Aho, ka hanome voninahitra Ahy ianao.” Sal. 50:15

“ Ary lazaiko aminareo koa, raha misy roa aminareo mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin’ny Raiko Izay any an-danitra izany.” Mat. 18:19

"Ary na inona na inona no angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny finoana, dia ho azonareo." Mat. 21:22

“Ary na inona na inona no hangatahinareo amin’ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin’ny Zanaka. Raha mangataka zavatra amin’ny anarako ianareo dia hataoko izany.” Jaona 14:13, 14

“Ary amin’izany andro izany dia tsy hanontany Ahy na inona na inona ianareo; lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa na inona na inona hangatahinareo amin'ny Ray amin'ny anarako, dia homeny anareo amin’ny anarako izany. Mandraka ankehitriny dia tsy mbola nangataka na inona na inona tamin'ny anarako ianareo ; mangataha, dia hahazo ianareo mba ho tanteraka ny fifalianareo.” Jaona 16:23, 24

“Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy. Ary raha fantatsika fa mihaino antsika Izy, na inona na inona no angatahintsika, dia fantatsika fa azontsika izay angatahintsika Aminy.” 1 Jao. 5:14, 15

**Teny Fikasana Momba ny Herin’Andriamanitra**

“Fa moa misy zavatra mahagaga izay tsy hain’i Jehovah va? Amin'ny fotoan’andro raha avy ny taona toy izao dia hiverina aminao Aho, ary Saraha hanana zazalahy.” Gen. 18:14

“Jehovah hiady ho anareo, fa ianareo kosa hangina.” Eks. 14:14

“Fa Jesosy nijery azy ka nanao hoe: Raha amin’ny olona dia zavatra tsy hainy izany; fa tsy mba tahaka izany amin’Andriamanitra; fa ny zavatra rehetra dia hain'Andriamanitra.” Marka 10:27

“Fa mahatoky Izay miantso anareo, sady Izy ihany no hanefa izany.” 1 Tes. 5:24

“Fantatro fa hainao avokoa ny zavatra rehetra, ary tsy azo ferana ny fisainanao ”. Joba 42:2

“Inona àry no holazaintsika ny amin’izany zavatra izany? Raha Andriamanitra momba antsika, iza no hahatohitra antsika? Izay tsy niaro ny Zanani-lahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny miaraka aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra?" Rom. 8:31, 32

“Andriamanitra tsy mba olona ka handainga, na zanak'olombena ka hanenina; moa efa nilaza va Izy, ka tsy hefainy? na efa niteny va Izy, ka tsy hotoviny? » Nom. 23:19

“Tsy fantatrao va? Tsy efa renao va fa Andriamanitra mandrakizay Jehovah, Izay namorona ny faran’ny tany? Tsy mba mety ho reraka na sasatra Izy; tsy takatry ny saina ny fahalalany. Mampahatanjaka ny reraka Izy, ary izay kely hery dia homeny hery be. Na dia ny tanora fanahy aza dia ho reraka sy ho sasatra, ary na dia ny zatovo aza dia ho tafintohina mafy; fa izay miandry an’i Jehovah dia mandroso hery kosa; elatra no hiakarany tahaka ny voromahery; hihazakazaka izy nefa tsy ho sasatra, handeha izy nefa tsy ho reraka.” Isa. 40:28-31

**Teny Fikasana Momba Ny fitarihan’Andriamanitra**

“Tsy efa nandidy va Aho? Koa mahereza sy matanjaha; aza matahotra na mivadi-po, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin’izay rehetra alehanao.” Jos. 1:9

“Ary indro, Izaho momba anao ka hiaro anao amin'izay làlan-kalehanao rehetra ary hampody anao indray ho amin'ity tany ity; fa tsy handao anao Aho mandra-panaoko izay voalazako taminao.” Gen. 28:15

"Indro, Izaho maniraka Anjely eo alohanao hiaro anao any an-dàlana sy hitondra anao ho any amin'ny fitoerana izay namboariko." Eks. 23:20

“Any ianao no hitady an’i Jehovah Andriamanitrao ka hahita Azy raha mitady Azy amin’ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra.” Deot. 4:29

"Antsoy Aho, dia hovaliako ianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao." Jer. 33:3

“Aoka hasandratra ny lohasaha rehetra, aoka haetry ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra; aoka ny be havoana ho tonga lembalemba, ary ny tany saro-dalana ho tonga lemaka; dia hiseho ny voninahitr’i Jehovah, ary ny nofo rehetra hiara-mahita izany; fa ny vavan'i Jehovah no efa niteny.” Isa. 40:4, 5

“Hanome saina anao sy hampianatra anao izay lalan-kalehanao Aho; hitsinjo anao ny masoko ka hanolo-tsaina anao Aho.” Sal. 32:8

"Ary Jehovah no mandeha eo alohanao; ary Izy no hiaraka aminao; tsy handao anao na hahafoy anao Izy; koa aza matahotra na mivadi-po ianao. » Deot. 31:8

"Iza no lehilahy matahotra an’i Jehovah ? Izy no hampianariny izay làlana tokony hofidiny.” Sal. 25:12

“Matokia an’i Jehovah amin'ny fonao rehetra miankina amin’ny fahalalanao; maneke Azy amin'ny alehanao rehetra, fa Izy handamina ny lalanao.” Ohab. 3:5, 6

“Ary afoinao ho an'ny noana izay hanina tianao ka mahavoky ny ory ianao, dia hiposaka ao amin'ny maizina ny fahazavanao, ary ny aizim-pitonao ho tahaka ny mitataovovonana. Ary Jehovah hitari-dalana anao mandrakariva sady hahavoky ny fanahinao ao amin'ny tany karankaina aza sy hampahatanjaka ny taolanao; dia ho tahaka ny saha vonton-drano ianao sy ho tahaka ny loharano miboiboika izay tsy mety ritra.” Isa. 58:10, 11

“Raha tsy mbola miantso aza izy, dia hamaly Aho; ary raha mbola miteny izy, dia hihaino Aho.” Isa. 65:24

**Teny Fikasana Ho An'ny Fiovam-Po**

“Ary homeko fo hahalalany Ahy ho Jehovah izy, dia ho oloko izy, ary Izaho kosa ho Andriamaniny, fa hiverina amiko amin’ny fony rehetra izy”. Jer. 24:7

"Dia hoforan'i Jehovah Andriamanitrao ny fonao sy ny fon'ny taranakao hitiavanao an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra, mba ho velona ianao”. Deot. 30:6

“Homeko fo vaovao ianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo; ary hesoriko amin'ny nofonareo ny fo vato ka homeko fo nofo ianao.” Ezek. 36:26

“Ary matoky indrindra aho, fa Izay nanomboka asa tsara ao anatinareo no hahatanteraka izany mandra-pihavin'ny andron'ny Jesosy Kristy." Fil. 1:6

“Koa raha misy olona ao amin’i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo.” 2 Kor. 5:17

“Voahombo miaraka amin’i Kristy amin’ny hazo fijaliana aho; ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin’ny nofo dia ivelomako amin’ny finoana ny Zanak’Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy.” Gal. 2:20

“Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka; ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tompontsika. Mahatoky Izay miantso anareo, sady Izy ihany no hanefa izany.” 1 Tes. 5:23, 24

**Teny Fikasana momba ny Famelan-keloka**

“Raha ny oloko izay nantsoina amin’ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako, ary hiala amin’ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny. 2 Tan. 7:14

“Fa Ianao, Tompo ô, no tsara sady mamela heloka ary be famindram-po amin’izay rehetra miantso Anao.” Sal. 86: 5

“Ary raha mitsangana mivavaka ianareo ka misy olona anananareo alahelo, dia mamelà ny helony, mba havelan’ny Rainareo Izay any an-danitra kosa ny helokareo.” Marka 11:25

“Ary aoka samy halemy fanahy amin’ny namany avy hianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan’Andriamanitra ny helokareo ao amin’i Kristy.” Efes. 4:32

“Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin’ny tsy fahamarinana rehetra”. 1 Jaona 1:9

“Avia àry hifandahatra isika, hoy Jehovah; na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo, dia ho ho fotsy tahaka ny oram-panala; na dia mangatrakatraka tahaka ny sily aza, dia ho tahaka ny volon'ondry fotsy.” Isa. 1:18

“Izaho dia Izaho no mamono ny fahadisoanao noho ny amin’ny tenako; ary tsy hotsarovako ny fahotanao.” Isa. 43:25

“Fa havelako ny helony, ary tsy ho tarovako intsony ny fahotany.” Jer. 31:34

“Izy no ananantsika fanavotana amin’ny rany, dia ny famelana ny fahotantsika, araka ny haren’ny fahasoavany.” Efes. 1:7

**Teny Fikasana Momba ny Fandresena ny Ota**

“Fa izay rehetra naterak'Andriamanitra dia maharesy izao tontolo izao. Ary ny fandresena izay naharesy izao tontolo izao dia ny finoantsika.” 1 Jaona 5:4

“Kanefa amin’izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin’ny alalan’Ilay tia antsika.” Rom. 8:37

“Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin’ny alalan’i Jesosy Kristy Tompontsika”. 1 Kor. 15:57

“Aza matahotra, fa momba anao Aho; ary aza miherikerika foana, fa Izaho no Andriamanitrao. Mampahery anao Aho, sady mamonjy anao; eny, mitantana anao amin’ny tànana ankavanan’ny fahamarinako Aho.” Isa. 41:10

“Ary ho fanampin’izany rehetra izany, dia tano ny finoana ho ampinga, izay hahazoanareo hamono ny zana-tsipìka mirehitra rehetra alefan’ilay ratsy.” Efes. 6:16

“Voahombo niaraka amin’i Kristy amin’ny hazo fijaliana aho; ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin’ny nofo dia ivelomako amin’ny finoana ny Zanak’Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy.” Gal. 2:20

“Fa Andriamanira no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony.” Filip. 2:13

“Fa hoy izaho: Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan’ny nofo hianareo”. Gal. 5:16

“Fa Andriamanitry ny fiadanana hanorotoro an’i Satana faingana eo ambanin’ny tongotrareo. Ho aminareo anie ny fahasoavan' i Jesosy Kristy Tompontsika .” Rom. 16:20

“Ary aza manaraka ny fanaon’izao tontolo izao; fa miovà amin’ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon’Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina”. Rom. 12:2

“Aza tia izao tontolo izao na izay zavatra eo amin’izao tontolo izao. Raha misy tia izao tontolo izao, dia tsy ao anatiny ny fitiavana ny Ray. 1 Jaona 2:15

**Teny Fikasana Momba ny Fanasitranana**

“Raha hazoto hihaino ny feon’i Jehovah Andriamanitrao ianao ka hanao izay mahitsy eo imasony sy hihaino lalàny ary hitandrina ny didiny rehetra, dia tsy hisy hataoko aminao ireny aretina rehetra ireny, izay nataoko tamin’ny Egyptiana; fa Izaho no Jehovah Izay manasitrana anao.” Eks. 15:26

“Ho vy sy varahina ny hidinao; ary hifamatra amin’ny andronao ny fiadananao .” Deot. 33:25

“Misaora an’i Jehovah , ry fanahiko, ary aza misy hadinoinao ny fitahiany rehetra: Izay mamela ny helokao rehetra, Izay manasitrana ny aretinao rehetra, Izay manavotra ny ainao tsy hidina any an-davaka, Izay manarona famindram-po sy fiantrana anao, Izay mahavoky soa ny vavanao; ny fahatanoranao mody indray toy ny an’ny voromahery”. Sal. 103:2-5

“Aza manao anao ho hendry; matahora an’i Jehovah ka mifadia ny ratsy, dia ho famelombelomana ny nofonao izany sy ho fanamandoanan ny taolanao.” Ohab. 3:7, 8

“Natao tsinontsinona sy nolavin'ny olona Izy; lehilahy ory sady zatra ny fahoriana. Ary tahaka izay tsy tian’ny olon-kojerena akory Izy ; natao

tsinontsinona Izy ka  tsy mba nahoantsika. Nitondra ny aretintsika tokoa Izy sady nivesatra ny fahoriantsika; kanjo isika kosa nanao Azy ho nokapohina sy nasian'Andriamanitra ary nampahorina. Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika, sy notorotoroina noho ny helotsika; ny fampijaliana nahazoantsika fihavanan no namelezana Azy, ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika." Isa. 53: 3-5

"Jehovah o ! Sitrano dia ho sitrana aho; vonjeo aho, dia ho voavonjy aho . Fa Ianao no fiderako." Jer. 17:14

"Fa ho tanterahiko ny fanasitranana anao , eny ho sitraniko ny faharatranao, hoy Jehovah, noho ny nanaovany anao hoe ilay noroahina sy hoe: Ziona tsy misy mpitady azy.'" Jer. 30:17

"Dia indro, ho tanterahiko tokoa ny fanasitranana azy; eny, ho sitraniko izy ka hasehoko aminy ny haren'ny fiadanana sy ny fahamarinana." Jer. 33:6

Ary hiposaka aminareo izay matahotra ny anarako ny Masoandron'ny fahamarinana, manana fanasitranana ao amin'ny tànany; ary hivoaka ianareo ka hifalihavanja toy ny ny zanak'omby mifahy." Mal. 4:2

"Misy marary va eo aminareo? Aoka izy hampaka ny loholon'ny fiangonana, ary aoka izy hanosotra diloilo azy amin'ny anaran'ny Tompo ireo sady hivavaka eo aminy. Ary ny fivavaky ny finoana dia hamonjy ilay marary, fa ny Tompo hanangana azy. Ary raha nanota izy, dia havela ny helony." Jakoba 5:14, 15

## Teny Fikasana Hahazoana Hery Hanaovana Ny Sitrapon'Andriamanitra

"Ary tsy ketraka izahay; fa na dia mihalevona aza ny toetray ivelany dia havaozina isan'andro isan'andro kosa ny toetray anatiny. Fa ny fahorianay maivana, izay vetivety foana, dia mainka miasa fatratra indrindra ka mahatanteraka voninahitra mavesatra maharitra mandrakariva ho anay, raha tsy mijery ny hita izahay, fa ny tsy hita; fa ny hita dia ho vetivety foana , fa ny tsy hita no haharitra mandrakizay." 2 Kor. 4:16-18

"Ary aza mba ketraka amin'ny fanaovan-tsoa isika, fa amin'ny fotoan'andro no hijinjantsika raha tsy reraka isika." Gal. 6:9

"Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin'Ilay mampahery ahy." Filip. 4:13

“Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony.” Filip. 2:13

“Nefa hoy Izy tamiko: ‘Ampy ho anao ny fahasoavako, fa heriko dia tanterahina amin’ny fahalemena.’ Koa mainka sitrako ny hirehareha amin’ny fahalemeko, mba hitoeran’ny herin’i Kristy amiko.” 2 Kor. 12:9

**Teny Fikasana  Momba Ny Maha-Vavolombelon’Andriamanitra**

“Aza matahotra na mangovitra ianareo; tsy efa nampandre anareo hatramin’ny fahiny va Aho ka nanambara taminareo? Eny, ianareo no vavolombeloko. Misy Andriamanitra afa-tsy Izaho va ? Tsia, tsy misy Vatolampy; tsy hitako izany.” Isa. 44:8

“Mitsangàna, mihazavà; fa tonga ny fahazavanao! Ary ny voninahitr’i Jehovah efa miposaka aminao.” Isa. 60:1

“Fa izany rehetra izany dia avy  amin'Andriamanitra, Izay nampihavana antsika taminy amin'ny alalan'i Kristy, sady nanome anay ny fanompoana fampihavanana." 2 Kor. 5:18

“Fa hoy Jehovah tamiko: Aza manao hoe: 'Mbola zaza aho; fa handeha amin'izay rehetra anirahako anao ianao, ary izay rehetra andidiako anao no hambaranao.” Jer. 1:7

“Fa hahazo hery ianareo amin’ny hilatsahan’ny Fanahy Masina aminareo; ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran’i Jodia sy Samaria ary hatramin’ny faran’ny tany”. Asan’ny Apostoly 1:8

“Fa ianareo kosa dia taranaka voafidy, fanjaka-mpisorona, firenena masina, olona nalain’ Andriamanitra ho an’ny tenany, mba hilazanareo ny hatsaran’Ilay niantso anareo hiala tamin’ny maizina ho amin’ny fahazavany mahagaga”. 1 Petera 2:9

“Fa manamasìna an’i Kristy ho Tompo ao am-ponareo, ary ho vonona mandrakariva ianareo hamaly izay manontany anareo ny amin’ny anton’ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin’ny fahalemem-panahy sy ny fanajana”. 1 Petera 3:15